# Ilay Voa Tsara Nafafy 13 Aogositra 2018

# 13 Alatsinainy
aogositra

**Hoy Jesosy … : Raha maharitra amin'ny teniko ianareo, dia ho mpianatro tokoa.** Jaona 8. 31

**Mba hankalazaina ao aminareo ny anaran'i Jesosy Tompontsika.** 2 Tesaloniana 1. 12

## Tsy nahomby hoe ny finoana kristiana ?

Efa ho 2000 taona izao ny fampianaran'ny Baiboly no nanovozan-kevitra hamolavolana lalàna maro mikendry hamaritra fefy ara-drariny sy mirindra ho an'ny fiainana eo amin'ny fiarahamonina. Matetika anefa ireny lalàna ireny dia atao toy ny tsy misy, na dikaina. Dia manjaka eo amin'ny fiarahamonina ankehitriny ny tsy fahamarinana, herisetra, fahavetavetana. Ary amin'ireo lafiny ireo, ny firenena lazaina fa kristiana dia manome ohatra ratsy ho an'ny firenen-kafa. Mihoatra noho izany aza, ankehitriny dia misy lalàna vaovao mamela hanao zavatra melohin'Andriamanitra.

Midika ve izany fa tsy nahomby ny finoana kristiana ary naharesy ny tsara ny ratsy ? Tsia, satria tsy ny fampianaran'i Kristy tsy akory no tsy nahomby, fa tena ny mponin' ireo firenena ireo mihitsy. Amin'ny ankapobeny dia tsy ninoan'ireo akory, ary tsy niainany rahateo ny fampianaran'Ilay entiny anarana. Mety hoderaina ny fitsipi-pitondrantena kristiana, saingy tsy ilaina kosa Jesosy Kristy, Ilay sady loharano no ohatra ary hery nipoiran'izany fampianarana izany.

Isika izay milaza tena ho kristiana ve mba tonga saina fa mampifamatotra antsika amin'i Kristy io anarana io (Jakoba 2. 7) ? Tsy ampy haha tena kristiana ny maha voasoratra anarana ao amin'ny rejisitry ny vita batisa ao amina fiangonana. Tsy ireny boky ireny tsy akory no hojerena, rehefa hiseho eo anatrehan'Andriamanitra ny olona rehetra mba hotsaraina. Ny boky hosokafana, amin'izay fotoana izay, dia ny Bokin'ny fiainana (Apokalypsy 20. 15). Voasoratra ao, ary tsy ho voafafan'iza na iza, ny anaran'ireo rehetra tena kristiana, dia ireo izay navotan'ny ran'i Kristy. Raha ao ny anarako, dia andraikitro ankehitriny ny miaina ny maha kristiana ahy, izany hoe manaraka Ilay ohatra, dia Jesosy Kristy.